REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana
MINISTERE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES

FILAZANA

Mahakasika ny fanavaozana ny mombamomba ny mpandoa hetra ao amin'ny Nifonline

N° 4149 2023-MEF/SG/DGI

Ho fanatsarana hatrany ny kalitaon'ny tolotra omena ny mpandoa hetra ary mifanaraka amin'izay voalazan'ny andininy faha I-08 ao amin'ny fehezan-dalàna mifehy ireo paika ara-ketra, ireo mpandoa hetra (orinasa manokana, mpandraharaha, fikambanana, sns) izay tantanina eo anivon'ny Foibe fitantanana ny Orinasa vaventy (DGE), ireo Sampandraharaham-paritry ny Orinasa (SRE) ary ireo Ivonketra (CF), dia asaina hanamarina sy hanavao, raha ilaina, ny mombamomba azy ireo ao amin'ny vavahadin-tserasera e-Hetraonline amin'ny adiresy https://hetraonline.impots.mg/ **hatramin'ny 15 desambra 2023**.

Voamarika fa misy tsy nohavaozina na diso mikasika ireo mombamomba ny mpandoa hetra ao anaty Nifonline, toy ny adiresin'ny birao foibe sy/na ny toeram-piasana, ny mikasika ireo olona hifandraisana, ny laharan-tariby sy adiresy mailaky ny toeram-piasana, ny olona hifandraisana sy/na ny mpanana petrabola, ny isa sy ny sandan'ny petrabola, ny laharana statistika, ny laharana RCS, ny laharan-kaonty any amin'ny banky, ny asa atao, sns… Marihina fa ireo mombamomba ny mpandoa hetra izay nambarany tamin'ny Foibem-pitondrana ny hetra dia azo ampiharina aminy.

Raha mila fanampiana ny mpandoa hetra, noho ny fahasarotana amin'ny fidirana amin'ny vavahadin-tserasera e-Hetraonline na fanadinoana ny teny miafina, dia afaka manatona mivantana ny birao mpitantana ny antotantaratasin-ketrany na miantso ny laharana **Hotline (mandritra ny ora fiasana) 034 49 431 52 na 032 12 011 74.**

Ampatsiahivina fa ny tsy fanatanterahana ireo andraikitra voalaza ao amin'ny andininy I-08 voasoratra etsy ambony ireo dia voasazy araka ny fepetra apetraky ny andininy 20.01.56.15.2° amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra.

Antananarivo, faha – 3 NOV. 2023

NY TALE JENERALIN'NY HETRA

DIRECTION GENERALE DES IMPOTS
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

GERMAIN
Inspecteur des Impôts